# Tsy vetaveta, tsy tia vetaveta, tsy mitabataba eny an-tsena, ary tsy mamaly ratsy amin'ny ratsy, fa namela heloka sy nandefitra

Tatitra azo avy tamin'i Abo Abdallah Al-Jadali niteny hoe : Nanontany an'i Aisha, renin'ny mpino silamo aho, momba ny toetran'ny irak'Allah (S.A.W), dia hoy izy namaly : Tsy vetaveta, tsy tia vetaveta, tsy mitabataba eny an-tsena, ary tsy mamaly ratsy amin'ny ratsy, fa namela heloka sy nandefitra.

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Tirmizì sy Ahmad]

Nanontaniana momba ny toetran'ny Mpaminany (S.A.W) i Aisha (R.A), renin'ny mpino, dia namaly izy : Tsy tao amin'ny toetrany ny vetaveta sy faharatsiana na tamin'ny teniny na asa nataony, ary tsy nanao vetaveta na ninia nanao izany izy, ary tsy mpitabataba nampiaka-peo teny an-tsena, ary tsy namaly ratsy amin'ny ratsy. Fa mamaly amin’ny asa soa Izy, mamela heloka ao anaty, mandefitra ary miala amin’izany ety ivelany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee